REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

| | |
|---|---|
| **MINISTERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA** | **MINISTERAN'NY ASA, NY FAMPANANAN'ASA SY NY ASAM-PANJAKANA** |
| ---------------- | ---------------- |

**DIDIM-PANJAKANA FAHA 2026-1256**

manova sy manampy ny fepetra sasantsasany ao amin'ny Didim-panjakana laharana 2008-668 momba ny fitsipika mifehy ny fivezivezen'ny mpiasam-panjakana sy ireo olona ampiasain'ny Fanjakana, ny Vondrombahoakam-paritra ary ny Vondrondraharaham-panjakana.

**NY PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA**

Araka ny Lalàm-panorenana;

Araka ny fanapahana laharana faha-10-HCC/D3 tamin'ny 14 Oktobra 2025 anomezana ny fahefana miaramila mahefa soloin'i Kolonely RANDRIANIRINA Michaël tena, hanatontosa ny andraikitry ny Filoham-panjakana;

Araka ny lalàna laharana faha 94-025 tamin'ny 17 Novambra 1994 momba ny Sata ankapoben'ny mpiasa tsy voasokajy ao amin'ny Fanjakana;

Araka ny lalàna laharana faha 2003-011 tamin'ny 3 Septambra 2003 momba ny Sata ankapoben'ny mpiasam-panjakana;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2019-093 tamin'ny 13 Febroary 2019 novaina sy nampiana tamin'ny didim-panjakana laharana 2021-699 tamin'ny 7 Jolay 2021, laharana 2023-085 tamin'ny 1 Febroary 2023, laharana 2024-050 tamin'ny 20 Janoary 2024 ary laharana 2026-1090 tamin'ny 28 Aprily 2026 mametra ny andraikitry ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ny fandaminana ankapobeny ny Minisiterany;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2024-055 tamin'ny 20 Janoary 2024 mametra ny andraikitry ny Minisitry ny Asa, ny Fampananan'asa ary ny Asam-panjakana ary ny fandaminana ankapoben'ny Ministerany;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2026-776 tamin'ny 15 Martsa 2026 anendrena ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2026-777 tamin'ny 25 Martsa 2026 anendrena ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta;

Araka ny tolo-kevitra iraisan'ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ny Minisitry ny Asa, ny Fampananan'asa ary ny Asam-panjakana,

Eo amin'ny Filankevitry ny Governemanta,

**DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PANJAKANA IZAO :**

**Andininy voalohany.-** Ovaina sy ampiana toy izao manaraka izao ireo fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha 2, 5, 13b, 19 andalana 1, 22, 25 andalana 1, 28, 31 ary 32 ao amin'ny didim-panjakana laharana faha 2008-668 momba ny fitsipika mifehy ny fivezivezen'ny mpiasam-panjakana sy ireo olona ampiasain'ny Fanjakana, ny Vondrombahoakam-paritra ary ny Vondrondraharaham-panjakana.

***Andininy faha 2 (vaovao).-*** Ireo olona ampiasain'ny Fanjakana voakasik'ity didim-panjakana ity dia sokajiana ho vondrona telo aseho eto ambany araka ny mari-karamany:
Vondrona I : Mari-karama mihoatra ny 2000
Vondrona II : Mari-karama 900 hatramin'ny 2000
Vondrona III : Mari-karama ambanin'ny 900

Arakaraka ny Vondrona isokajiana ilay mpiasa mamita iraka, ny fe-potoana sy ny toerana nandehanany no anefan'ny Fanjakana ny tamby.
Ny fiovana rehetra mahakasika ny mari-karaman'ilay mpiasa namita iraka aorian'ny fe-potoana nandehanany dia tsy misy fiantraikany amin'ny tamby sitrahany na mihoatra na latsaka.

***Andininy faha 5 (vaovao).-*** Ankoatra ireo tranga voalaza ao amin'ny andininy faha-4 ao amin'ny didim-panjakana laharana faha 2008-668 , ny tamby amin'ny fivezivezena miserana dia tsy azo omena raha tsy misy alàlana manokana avy amin'ny Minisitry ny Tetibola.
Dimy ambin'ny roapolo (25) kilometatra miala ny toeram-piasana mahazatra farafahakeliny ny halaviran'ny toerana amitana iraka, vao afaka misitraka tamby amin'ny fivezivezena miserana.
Na izany aza, mba hahazoana io tamby io, ny mpiasa mamita iraka dia tsy maintsy mijanona adiny valo (08) farafahakeliny any amin'ny toerana anirahana azy ary tsy matory ao amin'ny trano fonenany mandritra izany iraka izany.
Ny faharetan'ny fivezivezena miserana dia tsy mihoatra ny folo (10) andro.
Ny iraka mihoatra io fe-potoana io dia tsy maintsy mahazo fankatoavana avy amin'ireto tompon'andraikitra ireto:

- Sekretera Jeneralin'ny Andrimpanjakana na Ministera ho an'ny sampandraharaha foibe;
- Solontenam-panjakana mahefa eny an-toerana ho an'ny sampandraharaham-panjakana any amin'ny faritra;
- Lehiben'ny mpanatanteraka ho an'ny vondrombahoakam-paritra;
- Lehiben'ny vondrondraharaham-panjakana ho an'ny vondrondraharaham-panjakana.

Raha mihoatra ny telo (03) volana kosa ny faharetan'ny iraka, dia heverina ho toy ny fifindrana maharitra.

***Andininy faha 13 b (vaovao).-*** Ny mpiasa sokajiana ao anatin'ny fifindrana maharitra na lavitra na akaiky ny toerana alehany, dia manana zo amin'ny fiantohana ny saram-pitanterana ny entany manaraka izao fetran-danja voafaritra izao:

| **Vondrona** | **Mpiasa** | **Vadiny** | **Fanampiny isaky ny zanaka** |
|---|---|---|---|
| I | 2500 kg | 1500 kg | 500 kilao |
| II | 2000 kg | 1250 kilao | 500 kilao |
| III | 1500 kg | 1000 kg | 500 kilao |

***Andininy faha 19 andalana voalohany (vaovao)***.- Ny saram-pitaterana ny razana na ny taolambalo dia kajiana amin'ny sarany raikitra dimanjato sy efatra arivo (4.500) Ariary isaky ny kilometatra, manomboka amin'ny toerana nipetrahana farany ka hatrany amin'ny toerana handevenana azy.

***Andininy faha 22 (vaovao).-*** Ny tamby isan'andro ho an'ny fandaniana amin'ny fivezivezena na ny fanaovana asa vonjimaikа izay tokony aloa amin'ny mpiasa fehezin'ity didim-panjakana ity dia faritana araka ireto taha manaraka ireto:

- Vondrona I: 115.000 Ariary
- Vondrona II: 90.000 Ariary
- Vondrona III: 80.000 Ariary

Ho an'ny fivezivezena mankany amin'ireo tanàn-dehibe izay heverina fa manana vidim-piainana lafo dia lafo, dia toy izao manaraka izao ny tahan'ny tamby ampiharina:

- Vondrona I: 150.000 Ariary
- Vondrona II: 120.000 Ariary
- Vondrona III: 100.000 Ariary

Didim-pitondrana raisin'ny Minisitra miandraikitra ny Tetibola no mamaritra ny lisitr'ireo tanàn-dehibe voakasik'izany.

***Andininy faha 25 andalana voalohany (vaovao)*. -**Faritana toy izao ny tamby isan'andro ho an'ny fandaniana amin'ny hotely sy ny sakafo:

1. Ho an'ny mpiasa voakasik'izany
   - Vondrona I : 90.000 Ariary
   - Vondrona II : 75.000 Ariary
   - Vondrona III : 60.000 Ariary
2. Ho an'ny vadiny: (2/3) roa ampahatelon'ny zon' ny mpiasa
3. Ho an'ny zanaka tsirairay: (1/2) antsasaky ny zon' ny mpiasa.

***Andininy faha 28 (vaovao). -*** Ny tamby momba ny fandaniana amin'ny fifindran-trano vokatry ny fifindrana maharitra dia ferana toy izao:

- 300.000 Ariary isaky ny fianakaviana misy olona iray ka hatramin'ny efatra ary 30.000 Ariary isaky ny zaza fanampiny mihoatra ny efatra, ho an'ny mpiasam-panjakana ao amin'ny vondrona voalohany ;
- 255.000 Ariary isaky ny fianakaviana misy olona iray ka hatramin'ny efatra ary 25.000 Ariary isaky ny zaza fanampiny mihoatra ny efatra, ho an'ny mpiasam-panjakana ao amin'ny vondrona faharoa;
- 210.000 Ariary isaky ny fianakaviana misy olona iray ka hatramin'ny efatra ary 20.000 Ariary isaky ny zaza fanampiny mihoatra ny efatra, ho an'ny mpiasam-panjakana ao amin'ny vondrona fahatelo.

***Andininy faha 31 (vaovao). -*** Ny Didy Maniraka dia tsy maintsy entina eny anivon'ny Birao misahana ny fivezivezen'ny mpiasam-panjakana, na raha tsy izany, any amin'ny Biraon'ny Fitaterana Sivily ao anivon'ny Distrika na raha tsy izany, any amin'ny Biraon'ny Kaominina, na raha tsy izany, any amin'ny Fokontany ho tombohana sy hamarinina eo am-piaingana, am-pandalovana, am-pahatongavana sy am-piverenana amin'ny toerana niaingàna.

Tsy maintsy mampiseho Karapanondrom-pirenena na fahazoan-dàlana mamily na Pasipaoro ilay mpamita iraka voasoratra anarana ao anatin'ny Didy Maniraka rehefa ho tombohana sy hamarinina eny amin'ny toerana lalovana na any amin'ny toerana alehany izany.

Tsy mahazo mihoatra ny enina ambin'ny sivifolo (96) ora ny faharetan'ny dia niaingana tamin'ny toerana farany nandehanana sy ny toerana ifaranan'ny dia. Raha mihoatra io fe-potoana io, ny tomponandraikitra mpaniraka dia manao naoty

soniaviny manazava ny anton'izany, vao afaka atao ny tomboka manamarina ny fifaranan'ny dia.

***Andininy faha 32 (vaovao). -*** Ny Didy Maniraka tsy nahazoana tomboka sy alàlana avy amin'ireo sampandraharaham-panjakana araka ny voalazan'ny Andininy faha-31 (vaovao) amin'ity Didim-panjakana ity dia tsy isitrahana tamby.

**NY AMBINY TSY MISY MIOVA**

**Andininy faha 2.-** Ny fepetra voalazan'ity Didim-panjakana ity dia mihatra amin'ireo fivezivezena natao taorian'ny nandaniana azy.

**Andininy faha 3.-** Noho ny hamehana sy araka ny fepetra voalazan'ny andinin'ny faha-6 amin'ny Didy hitsivolana laharana faha-62-041 tamin'ny 19 Septambra 1962 mikasika ny fepetra ankapobe momba ny lalàna ifampitondrana eto an-toerana sy ny lalàna iraisam-pirenena ifampitondran'ny isam-batan'olona, ity didim-panjakana ity dia manan-kery avy hatrany raha vantany vao nampahafantarina tamin'ny alalan'ny fampielezam-peo sy/na fahitalavitra, na atao peta-drindrina, ankoatry ny famoahana azy amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika.

**Andininy faha 4.-** Ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola sy ny Minisitry ny Asa, ny Fampananan'asa sy ny Asam-panjakana miandraikitra, araka izay tandrify azy avy, ny fanatanterahana izao Didim-panjakana izao.

Natao teto Antananarivo, ny 19 mey 2026

**Mamitiana RAJAONARISON**

*Ny Praiminisitra Lehiben'ny Gouvernemanta*

*Ny Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola*

**Herinjatovo Aimé RAMIARISON**

*Ny Minisitry ny Asa, ny Fampananan'asa sy ny Asam-panjakana*

**Franconio Mac DENIS**